



## BATISAN' NY RANO

(Water Baptism in Jesus' Name)

### MOA VE NY FOMBA FANAOVANA AZY SA NY FITSIPIKA ARAHINA AMINY NO MAHA SAMY HAFA AZY ?

MOA ve misy maha hafa izay voalazan' ny Baiboly momba ny batisa amin' ny anaran' i Jesosy Kristy ? Saika samy manana holazaina daholo ny olona tsirairay rehefa misy adi-hevitra momba ny batisa kristiana. Ny olona sasany dia manaiky, ny sasany kosa dia mandà ny batisan-jaza ; ny sasany dia manaiky, ny sasany dia mandà ny famafazana rano amin' ny loha na ny fanitrihana ao anaty rano ; ny sasany dia manaiky ny sasany dia mandà ny batisa amin' ny anaram-boninahitra hoe : Ray, Zanaka ary Fanahy Masina na ny amin' ny anaran' i Jesosy Kristy. Misy velom-panontaniana mihitsy aza manao hoe : "Moa ve misy maha samy hafa azy ireo marina ?"

Samy tsara dabolo ny hevity ny olona, kanefa ny marina dia ny Tenin'Andriamanitra ihany - NY BAIBOLY.

Inona anefa no lazain' ny Baiboly momba ny fomba fanaovana ny batisa kristiana sy ny fitsipika arahina amin' izany ? Ny Proselyta hatramin' ny Jodaïsme dia natao batisa mba hampisehoany ny finoany an' i Jehovah Andriamanitra. Rehefa niseho kosa Jaona Mpanao batisa mba hamboatra na hanomana ny fon' ny jiosy mba han- dray ny Mesia, dia nitaky fibebahana, fiaikena heloka ary batisa tamin' ny rano izy. Hoy izy hoe : "Izaho dia manao batisa anareo amin' ny rano ho amin' ny fibebaha- na ; fa Ilay avy ao aoriako Izzy no hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masina sy ny afo (*Matio 3: 11*). Jesosy Tenany aza dia nataon' i Jaona batisa mba hahatanteraka ny fahamarinana (*Matio 3: 16*). Taorian' io dia nanao batisa mpino maro be Izzy (*Jesosy*) sy ny mpianany (*Jaona :3 :22 : 4: 1. 2*). Ny batisa dia iankinan' ny fanombohan' ny olona miova fo ny fiainany ao amin' ny fiangonana naorina (*Matio 16 : 18*).

Taorian' ny Nitsanganany, dia nampianatra ny Aposto- ly lzy mba "Handeha... hampianatra ny firenena rehetra, hanao batisa azy amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina (*Matio 28 : 19*). Taorian'izany, talohan' ny Niakarany dia nihaona tamin' ny mpianany Izy ary" ... nanokatra ny sain' ireo Izy hahalala ny Soratra Masina ary hoy Izy taminy :"Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin' ny maty amin' ny andro faha-telo ary mba hotorina amin' ny anarana ny fibebahana sy ny famelan- keloka amin' ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema (*Lioka 24 : 45-48*). Noho izany ireo mpianatra vitsy ireo dia ny Apostoly izany dia niandraikitra ny fanohizana ny asany sy ny fampielezana ny filazantsara ary ny fanitarana ny fahaizan' ny fiangonana mitaona olona. Nanana saina nisokatra hahalala ny sitrapon' Andriamanitra ny amin'ny planin'ny fanavotana (*famonjena*) izy ireo. Tamin'ny andro Pentekosta dianofenoina ny Fanahy Masina izay mainka nanazava ny sainy koa izy. Ka rehefa nivory hijery ny zava-dehibe nitranga tao Jerosalema ny olona maro be Iiana te-hahalala zavatra, dia nitory teny i Petera. Ary izany toriteny izany dia nitondra faharesen-dahatra lalina tao amin' ireo olona ireo. Nanontany izy ireo hoe: "... Inona no hataonay ?" Tsotra ny valin-tenin' i Petera "Mibebaha, aoka samy **atao batisa** amin' **ny anaran'i Jesosy Kristy** ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo iana- reo, ianareo handray ny fanomezana dia ny Fanahy Masina" (*Asa 2: 38*). Mazava fa tamin' ny alalan' ny faba- kingan-tsaina ara-panahy izay azon' i Petera no nahazahoany ny fahateraham-baovao (*Jaona 3: 5*) dia ny batisan' ny rano sy ny Fanahy. Ny fikambanan' ny rano sy ny anarana dia ho famelana ny heloka ; ny fiantsoana ny **Anarany** amin' ny fanaovana batisa dia nokendren' ny Tompo mihitsy.

"Mitsangana, miantsoa ny anarany, ary aoka hatao batisa hianao." (*Asa 22 : 16*).

## NY FOMBA FANAOVANA NY BATISA

Ny fomba ara-dalana fanaovana ny hatsan' ny rano dia tsy azo lavina fa asitrika ao anaty rano. Ny teny entitra hoe :"manao batisa" dia avy amin' ny teny grika hoe : "baptizo" midika boe : manatsoboka, manitrika, manasoka ao anaty rano. Mariho ireto soratra masina telo ireto : "Ary Jaona koa nanao batisa tao Ainoná... satria nisy loharano maro tao" (*Jaona 3: 23*). Rehefa nataon' i Jaona batisa Jesosy dia "Niakatra avy teo amin' ny rano niaraka tamin' izay Izy" (*Matio 3: 16*). Ary ilay tandapa etiopiana sy Filipo : "... Nidina ho eo amin' ny rano... ary nataony batisa izy." (*Asa 8: 38*).

## **NY FITSIPIKA ARAHINA AMIN' NY BATISA**

Matetika ny fomba fanao dia tsy mitondra loatra amin' ny fahamarinana lalina arapanahy. Na izany aza anefa amin' ny batisan' ny rano dia misy toro-hevitra entitra napetrak' i Jesosy ary tiany ho tanterahin' ny tsirairay avy.

Ny apostoly Paoly dia nandidy hoe : Ary na inona na inona ataoareo, na amin' ny teny, na amin' ny asa, dia ataovy amin' ny anaran' i Jesosy Tompo" (*Kolosiana 3 :17*). Tsy isalasalana fa ampiarina amin' ny batisan' ny rano koa io andinin-tSoratra Masina io. Fantatry ny Apostoly ny tena hevitra ny teny (*filazana*) rehetra nataon' i Jesosy momba ny batisa ka dia nanatanteraka izany izy. Tamin' ny fotoana rehetra dia nampiasainy ary nodidiany ny fampiasana ny anaran' i Jesosy Kristy amin' ny fanaovana ny batisa. Vakio tsara ireto andinin-tSoratra Masina ireto : Asa 2 : 38 ; 8 : 16 ; 10 : 48 ; 19 : 5 ; 22 : 16. Zava-debibe ny fampiasana am-pahatsorana ny ANARANY amin' ny fanaovana batisa satria mampaha-ara-dalana azy io, tahaka ny sonia marina amin' ny "chèque". Tsy zavatra kisendrasendra na hevitra nouolavolaina ihany akory ny fampiasana ny anaran' i Jesosy amin' ny batisa fa "Tsy misy famonjena amin' ny hafa, fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena". Marina fa rehefa manao batisa ny antokom-pivavahana sasany dia zatra mamafy rano amin' ny loha fa tsy manitrika ao anaty rano ary diso fiheverana ka manao ny fampiasana ny ANARANY amin' ny fampiasana ny anaram-boninahitra hoe : Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Ireo izay tsotra sy marina kosa anefa dia mampisy vidiny kokoa ny fahamarinana noho ny fomba amampanao, ary manatanteraka ny teny entitrin' ny filazantsara hoe :

**"MIBEBAHA ARY AOKA SAMY ATAO BATISA AMIN' NY  
ANARAN' I JESOSY KRISTY IANAREO REHETRA . . ."**

<http://sayadi-al-nas.com>